Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Veillée de prière mardi 9 février 2021

Thème : L'annonce du retour du Christ
Texte : Marc 13.1-37

Fiharabana Apostolika

FFPM627/1,3
1. Vimbino tsara izahay,
Ry Jeso Kristy Tomponay!
Mba tsy ho diso lalana
Aty ambony rano be,
;,;Ka na manonja aza re
Ny rian-dranomasina,
Tazony mafy izahay
Mba tsy ho rendrika aty.:,:

3. Fa Hianao no aronay,
Ka dia sahy izahay
Hamaky sy hanohitra
Ny onjan-drano betsaka;
;,;Ka aoka tsy ho fefika
Aty an-dranomasina,
Fa mba ho tonga aminao
Ny sambonay, ry Tompo ô;,;

Vavaka fihaonana sy fiaiken-keloka

FFPM213/2
2. Ry tontolo mila vonjy,
Te ho afa-patotra,
Ao ny tenin'ny Mpamonjy
Dia Kristy Mpanavotra!
Teny velona sy mamy,
Feno fananarana;

Ho torina eran-tany,
Fa fampihavanana.

Fampidirana

FFPM579/1
1. Aza mba mandao ahy,
Ry Mparnonjy ô!
Aza mba manary ahy,
Jeso Tompo ô!

Fiv : Ry Mpanjaka,
Mihainoa re!
Mamonje fa mitaraina
Ny vahoakao.

Vakiteny 1 : Marka 13.1-13

Fanazavana fohy

FFPM579/2
2. Fantatrao fa malahelo
Ny mpanomponao;
Raha mbola eto aho,
Mba tsinjovinao:
Ry Mpanjaka, sns…

Vavaka isan-tokantrano

- Mangataka ny fampiononan'ny Fanahy Masina amin'izao andro farany izao.
- Mivavaka ho an'ny asa fitoriana ny Filazantsara.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 2 : Marka 13.14-20

Fanazavana fohy

FFPM579/3
3. lndro! fa miandry eto
Ny navotanao;
Aoka tsy mba halahelo,
Mba falio izao:
Ry Mpanjaka, sns…

Vavaka isan-takantrano

- Mivavaka ho an'ny Fiangonan'Andriamanitra tsy an-kanavaka indrindra ny FPMA.
- Mivavaka ho an'ireo hiaram-pahoriana rehetra.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 3 : Marka 13.21-31

Fanazavana fohy

FFPM579/4

Eny, manomeza hery
Mba ho ahy re,
Ka hahery sy handresy
Ny mpanomponao:
Ry Mpanjaka, sns…

Vavaka isan-tokantrano

- Mangataka fanavaozana avy amin'ny Fanahy Masina mba hanjakan'I Kristy.
- Mivavaka ho an'ireo tsy salama, tsy manana taratasy, tsy manan-kohanina, tsy manan-kialofana.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 4 : Marka 13.32-37

Fanazavana fohy

FFPM432/2

2. Mandra-piavin'ny Tompo, miasà !
Ampitomboy ireo talenta azonao !
Vola, fahaizana, aina, hery koa
No anompoy ny Tompo Tsitoha !

Fiv : Raha mpanompo tsara hianao,
He, ny Tompo faly aminao !
Koa tanteraho ireo adidinao
Mba ho mpanompo mahasoa !

Vavaka isan-tokantrano

- Vavaka malalaka.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Fehiny :
Asa 1.10-11 ; Apokalypsy 21.4 ; Jakoba 1.12
“Ary raha mbola nandinika ny lanitra izy ireo tamin’ ny nandehanan’ i Jesosy, indreo, nisy roa lahy teo anilany niakanjo akanjo fotsy, izay nanao hoe: Ry lehilahy Galiliana, nahoana no mijanona eto mijery ny lanitra hianareo? iny Jesosy Izay nampiakarina niala taminareo ho any an-danitra iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra.
Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin’ ny masony; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha.
Sambatra izay olona maharitra fakam-panahy; fa rehefa voazaha toetra izy, dia handray ny satro-boninahitra fiainana, izay nolazain’ ny Tompo homena izay tia Azy.»

FFPM576/1,4
1. Ry Sakaizan' ny mpanota!
Fantatrao ny zanakao,
Fa malemy, mora lavo,
Ka mangataka aminao ;
:,:Mba todiho, mba todiho
Ka henoy ny vavakay.:,:

4. Raha mangirifiry mafy,
Noho ny tsorakazonao,
Ka ny havana rehetra
Tsy mahita izay hatao,
:,:Mba tsidiho, mba tsidiho,
Fa maniry indrindra Anao:,:

Tsodrano
Ary ho an’ izay maharo anareo mba tsy ho tafintohina, ary hametraka anareo tsy hanan-tsiny eo anoloan’ ny voninahiny amin’ ny firavoravoana, ho an’ Andriamanitra tokana, Mpamonjy antsika, amin’ ny alalan’ i Jesosy Kristy Tompontsika anie, ny voninahitra sy ny fahalehibiazana, ny fanjakana sy ny fahefana hatramin’ ny taloha indrindra sy ankehitriny ary mandrakizay. Amena.